Repoblikan'i Madagasikara
Fitiavana –Tanindrazana – Fandrosoana

Foibe momba ny Teny an'ny Akademia malagasy

**Iray volan'ny Teny malagasy 2025 :**
**« Teny malagasy enti-mahatsangy ny fiainam-pirenena mahaleotena»**

# Fifaninanana mamorona ohabolana

Ho **Fankalazana ny Iray volan'ny Teny malagasy,** ny Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy miaraka amin'ny Akademia Malagasy, dia mikarakara **fifaninanana mamorona ohabolana.**

Ny ohabolana dia iray amin'ireo karazan-dahabolana malagasy efa nampiasaina hatramin'ny fahela ka mandraka ankehitriny. Fomba filazan-javatra amina ohatra na amina fomba miolaka. Mirakitra fahendrena amam-pomba fisainana ny ohabolana, natao hanabeazana sy hananarana. Manana rafitra iavahany amin'ny karazan-dahabolana hafa izy, tahaka ny fifamalian-drafitra, ny ngadona, ny fiatoana. Misy ny ohabolana tsoa-tokana ary misy ny mifamaly rafitra roa aman-telo na efatra mihitsy aza. Ny ankamaroan'ny ohabolana mifamaly rafitra dia ahitana fampitahana.

**Fepetra amin'ny fifaninanana:**

1. Mamorona **ohabolana vaovao tsy mbola re sy/na nisy nampiasa** miisa folo raha kely indrindra ny mpifaninana.

2. Mahazo mandray anjara amin'ny fifaninanana avokoa ny sokajin'olona sy sokajin-taona rehetra.
3. Azon'ny mpifaninana atao ny mampiasa ny fiteny (fitenim-paritra) manavanana azy.
4. Tsy asiana ny anaran'ny mpandray anjara na marika hamantarana azy ny lahatsoratra.
5. Valopy roa no ampiasaina, valopy lehibe sy valopy kely :

   Atsofoka ao amin'ilay valopy lehibe ny lahatsoratra. Ilay valopy kely kosa asiana ny taratasy mirakitra ny mombamomba ny mpifaninana :

   - Anarana feno
   - Asa atao
   - Taona
   - Adiresy feno sy mazava
   - Laharan-telefaonina .

   Hidina tsara ilay valopy kely, tsy asiana soratra eo ivelany ary atsofoka ao anatin'ny valopy lehibe.
6. Alefa paositra na aterin-tanana amin'ity adiresy manaraka ity :

**Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy**
**Tahala Rarihasina Analakely**
**(Rihana faharoa)**
**45 – 47 Lalana 26 Jona 1960**
**101 Antananarivo**

7. Misokatra ny talata, 2 jona 2025, ny fandraisana ny taratasy fandraisana anjara ary mifarana ny zoma, 27 jona 2025 amin'ny 3 ora sy sasany folakandro. Ho an'izay mandefa paositra dia ny fitomboky ny paositra no hanamarinana izany.
8. Hisy loka hozaraina ho an'ireo mpifaninana mendrika indrindra (vola + boky).
9. Raha mila fanazavana fanampiny dia manatòna ny Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy, Tahala Rarihasina, rihana faharoa.